BETIOKY ATSIMO 4

# OLONA TELO NANASA LAMBA LASAN'NY RANO


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7481 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 27 janoary 2023


MARINA IZANY ! 7

## ENTANINA HO MAILO !

IZY NO IZY 4

RANTENAINA FALSON J.

## TANORA BE FIKIRIZANA



ANDRO RATSY 3

## RIVODOZA HAFA MIFORONA

FAHAVITAN-TENA ARA-TSAKAFO 7



## NAHAZO 534 TAPITRISA DOLARA AVY AMIN'NY BAD SY FIDA

CHAN 2022 2

## MAIMAIMPOANA NY "VISA" HIJERENA BAOLINA ANY ALGÉRIE

SOLOMIRAL 2

## HANOLOTRA SEHO GOAVANA

MANDROSOA-IVATO 4

## OLONA 5 NIAKATRA FAMPANOAVANA, NAMONO VAHINY METISY


TOE-DRAHARAHAM-PIRENENA 7

# TAKON'NY RESAKA POLITIKA SY FIFIDIANANA NY FAHASAHIRANAM-BAHOAKA

HETSIKA TARIHIN'I VONINAHITSY JEAN EUGÈNE 7



# "FENO NY FEPETRA HIROSOANA AMIN'NY FIDINANA AN-DALAMBE, SAINGY..."

CHAN 2022

# Maimaimpoana ny "Visa" hijerena baolina any Algérie, iantohan'ny fitondram-panjakana

*Manam-paniriana ny hanatrika ny lalao ny mpankafy kitra eto Madagasikara fa toa tsy misy vahaolana aloha hatramin'izao.*

Amin'izao nahatafiakatra ny Barea de Madagascar amin' ny fiatrehana ny lalao ampahefa-dàlan'ny fiadiana ny tompondakan'ny CHAN 2022 izao, dia namaly sy nanaiky ny fangatahan'i Faneva Imà Andriatsima, nifanaraka tamin'ny fitondrana algerianina ny Filoham-pirenena Andry Nirina Rajoelina, amin'ny fahazoan' ny teratany malagasy, monina any Frantsa, mahazo mijery baolina any Constantine. Tsy mila mangataka "visas" fa maimaimpoana ny fandehanana any Algerie. Araka izany dia nisy ny fifampidinihana teo amin'ny fitondram-panjakana roa tonta, matoa tanteraka ny tsy fitakiana "visas" amin'ny fandehanana mijery baolina, hanohana ny ekipampirenentsika rahampitso. Na izany aza anefa ny zavamisy, dia mbola nitaona ny sain'ireo hiondrana any Algérie Rakapy Faneva, handalo any amin'ny masoivohon'i Algérie hatrany, hampahafantatara ny iaviana any an-tanin'olona. Fantatra fa ao anatin'ny iray andro ihany ny fanaovana an' izany dia mahazo valiny mahafa-po. Ankoatra an' izany dia manam-paniriana te hanatrika ny fihaonana eo amin'ny Barea de Madagascar sy ny "Les Mambas"n'i Mozambika, ihany koa ny mpankafy baolina kitra eto Madagasikara, izay nanainga ny sain'ny mpitondra fanjakana, hanao hetsika toy ny nataony tamin'ny Barea de Madagascar " A ", niatrika ny lalao ampahefa-dàlan'ny CAN 2019 tahaka izao. Hatramin'ny nanoratana ny lahatsoratra anefa dia mbola tsy nahazoana akony izany. Samia miombom-po sy mitrotro am-bavaka ny Barea de Madagascar " A' ", ho tafita amin'ny dingan'ny manasa-dàlana. Amin'izay fotoana izay kosa angamba dia tsy ataon'ny Filohampirenena ambanin-javatra ny fampandehanana ny mpomba ny ekipam-pirenena, hanohana azy ireo any Algerie. Vaovao farany no nandrenesana fa noraisin'ny fitondram-panjakana malagasy an-tanana ny fandoavana ny saran'ny "Visas", ho an'ny Malagasy monina any Frantsa sy Eraopa, hiondrana any Algerie hanatrika an'ity fihaonana ity. Alefa Barea!

**aris rafaly**

**Fandaharan-dalaon'ny ampahefa-dàlana anio :**
**7 ora : Algérie # Côte d'Ivoire**
**10 ora : Senegal # Mauritanie**

Sésam andiany fahatelo

# Amin'ny 5-6-7 may etsy Mahamasina

Fantatra izany izao fa hotanterahina amin'ny 5-6-7 may ho avy izao, etsy amin' ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina, ny andiany fahatelo amin'ny SÉSAM (Sport Extrême et Salon des Arts Martiaux). Ny hampiseho ny endriky ny "arts martiaux" taloha sy ny amin'izao moa no tanjona amin'ity, izay ezahina ho seho matihanina, raha ny nambaran' ny mpikarakara. Ankoatra ny tranoeva hiseho eny antoerana dia hisy "démonstration" isaky ny tapakandro hariva. Hampiavaka ity andiany fahatelo ity, raha ny voalazan'ny mpikarakara, ny fanomezana loka ho an'ny "meilleur" dojo, izay sady hahazo "trophée" no homena lelavola mihoatra ny 1 tapitrisa Ar, miampy loka maro samihafa. Tsy hohadinoina ihany koa ny "sports extrêmes", fa hahazo ny loka sahaza azy. Mbola hotoloran'ny mpikarakara "trophée" ihany koa ny atleta mendrika sy ny miavaka indrindra. Herinandro aorian'ny hetsika moa no hanaovana ny lanonam-panolorana ny amboara sy ny loka ho an'ireo rehetra mendrika sy nahazo izany. Tafiditra anatin'ny ezaka ho matihanina ny hetsika, hisy ny "reportage" fandraketana antsary ho an'ireo mpandray anjara, izay hotontosaina amin'ny volana marsa. Mialoha izany rehetra izany, hiaraka hamboly hazo eny Ambohimanga rova ny mpikarakara ny SÉSAM sy ireo rehetra handray anjara amin'ity hetsika ity, tafiditra amin'ny anjara biriky hoentin' izy ireo amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy fanamaitsoana indray an'i Madagasikara.

**Rabenaivo**

Eugène Raharison, mpanao sary hosodoko

# Hanolotra fampirantiana ao amin'ny AFT Andavamamba

Hanolotra fampirantina ao amin'ny "Alliance Française" Andavamamba manomboka ny 7 hatramin'ny 24 febroary izao i Eugène Raharison. "Sourire et sérénité" no lohateny nitondrany izany. Misy eo amin'ny 10 mahery eo ny tabilao harantiny amin'io fotoana io, izay hahitana sary mampiseho tsiky sy fitoniana eny amin' ny endriky ny olona. Te hampiseho moa izy amin'ny alalan'izao fampirantiana izao fa na dia mandalo ady sarotra avokoa aza ny ankamaroan'ny olona dia mbola ahitana izany tsiky sy fitoniana izany ihany. Etsy ankilany koa nefa dia te hitondra fanantenana sy fifaliana ho an'ny olona kivy sy reraka amin'izao fiainana mandalo izao koa izy. Araka izany dia manantena ny fahatongavantsika maro izy amin'ity hetsika ity. Maimaimpoana rahateo ny vidim-pidirana. Marihina moa fa izao indray izy vao manao hetsika tahaka izao. Efa ela izy no tsy nampiranty ny asa-tanany fa dia nanomana ity hetsika ity. Azo atao tsara moa ny mifampiresaka aminy mahakasika ireo sanganasany ireo. Azo atao koa ny manjifa izany.

**Tanya.R**

Fitsenana ny taona 2023

# Hahazo tsena vaovao ny vahoakan'Ambohidratrimo

Fanatanterahana ny tetikasa fananganana tsena vaovao no hitsenan'ny kaominina Ambonivohitra Ambohidratrimo ny taona 2023, mba hanomezana fahafampo ny mpivarotra, ny mpividy ary ny vahoaka amin'ny ankapobeny. "Box commercial" miisa 50 no hatsangana ao an-tampontanana ary hatomboka amin'iny volana feborary iny ny asa. Tetikasa novolavolain'ny kaominina hanesorana an'ireo mpivarotra amoron-dalana izay hita fa miha-betsaka eny an-toerana. «*Alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra sy fandaminana ny tanàna dia mitondra vahaolana aloha izahay ka izay no antony hametrahana ireo boxe vaovao ireo*", hoy Raherimanantsoa Feno, ben'ny tanànan'Ambohidratrimo. Mametraka "caution" kely ireo mpiara-miombona antoka hoentina manangana ny ilay box atolotra ho an'ny vahoakan'Ambohidratrimo. Hisy ny "box" natokana ho an'ny mpanao asa tanana, hampifandraisana ireo mpanao asa tanana. Hisy koa "box" natokana ho an'ny tantsaha ahitana ireo vokatry ny fambolena sy fiompiana rehetra. Ary hanana toerana fitahirizana ireo vokatry ny tantsaha ny kaominina.



**Tahaka izao ny endriky ny tsena vaovao.**

**Niry R.**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy misy fiainana lavorary fa samy manana ny vesatra sy ny olana mianjady amin'ny tenany avokoa. Indro teny atsipy : aoka samy hitady lalana hivoahana amin'ny olana rehetra."
Ny Vetso (03. 06. 15)
("Nobody has a perfect life. Everybody has their own problems. Some people just know how to deal with it in a perfect way.")

Solomiral

# Hanolotra seho goavana etsy amin'ny "26", anio



**Mampanantena fiarahana milay be ry zalahy ireto, anio.**

"*Miandry anao*". Io no lohatenin'ny fiakarana an-tsehatra hotanterahin-dry Solomiral, anio etsy amin'ny efitrano filanonan'ny Karibotel Twenty Six Analakely. Fiakarana antsehatra voalohany hotontosain'izy ireo amin'izao fiandohan'ny taona 2023 izao izy io, ary seho hoentin'ny tarika manamarika ny fiverenany hatrany taorian'ny fotoana maro tsy nihaonany tamin'ny mpankafy azy. "*Hararaotina ny mbola maha eo an'i Hajazz, satria izy no tena mpihira ao anatin'ny tarika. Izay no voalohany, fa faharoa, efa afaka miaka-tsehatra i Fanaiky dia feno tanteraka izahay mpikambana*", hoy i Mendrika. Araka izany, ireo mpikambana rehetra mandrafitra ny tarika Solomiral, ahitana an'i Fanaiky, Mendrika, Hajazz; Niony, miampy an'i Rivo (clavier) , Andry (percuss), ary amin'ny zavamaneno tsofina i Seta sy Tahina Vibe no hifarimbona hanolotra ny vazon'ny tarika ao an-toerana. Hoentin-dry zalahy hitety ireo vazo malazany hatramin'izay izay ho tonga mamaly ny antsony.

Hisy fizarana 3 miavaka tsara ny vazo nomanin'izy ireo, ka ny tapany voalohany dia ireo hira madinika (variété) toa ny "*Mahatsiaro*". Ny faharoa dia ireo mifangaro gadona gasigasy ary ny farany dia ny "jazz fusion" izay nahalalana azy ireo ihany koa.

Nilaza ho afa-po izay tonga tao amin'ny CCESCA farany teo, ka mbola mampanantena fiarahana tsara kokoa noho iny ry zalahy ireto anio.

**Fy**

## Zoma mahafinaritra

**Tence Mena**

### Hiverina masiaka etsy amin'ny Le Galcier

"*Patron*", "*Bureau*", "*Central Démo*", "*Tsy voly*". Anisan'ny hira vaovao navoakan'i Tence Mena ireo, ankoatra izay efa nahafantarana azy hatrizay. Hiverina masiaka etsy amin'ny Le Glacier Analakely izy anio, hanomboka amin'ny 9 ora alina, miaraka amin'ny mpandihiny sy ny mpitendriny. Raha vao hoe Tence Mena izany dia azo antoka fa hafana ny sehatra ary ny hanome ambiansy ihany koa no tanjony. "*Omena ny "Mahereza" ireo izay tsy ho avy fa ho an'ireo tonga kosa dia "Mahereza" fa ho afa-po*", hoy Tence Mena. Hifandimby mandritra ity anio ity ny salegy sy ny kawitry ary ny Coupé dekale mampalaza an'i Tence Mena.

**Samoela**

### Hamerina ny Bandy Akama etsy amin'ny Pim's

Hifamotoana etsy amin'ny Pim's, Piment Café Behoririka, ny mpankafy sy ny mpanaraka an-dRy Samoela anio. Ankoatra ireo hira nahafantarana an'i Samoela hatrizay dia hamerina ny "Bandy akama", ilay rakikira vaovao navoakany farany anaty USB ihany koa izy. Tahaka ny mahazatra moa dia hisy hatrany ny famarotana ireo sanganasan'ny tarika nandritra izay 25 taona niakarana antsehatra izay.

**Fandrama**

### Hanafana ny toeram-pilanonana etsy amin'ny Jao's Pub

Eo am-panomanana ny fankalazana ny faha-20 taona niakarany an-tsehatra amin'izao fotoana izao i Fandrama. Hisantarany izany dia hanolotra ambiansy mafana etsy amin'ny toeram-pilanonana Jao's Pub eny Ambohipo izy anio hanomboka amin'ny 9 oera alina. Tsy zoviana amin'ny maro intsony izany Fandrama izany eo amin'ny tontolon'ny kanto sy ny mozika, indrindra amin'ny fanomezana hafaliana sy tsiky ho an'ny mpankafy.

**Nangonin'i Tiaray R**

Andro ratsy

# Efa misy rivodoza hafa indray miforona any atsinanana

*Mbola hitohy ny rotsak'orana.*

Efa misy rivodoza hafa indray miforona ao atsinanan'ny fari-dranomasina misy antsika ka ahiana hanatona akaiky ny morontsiraka izy manomboka amin'io herinandro mitsidika io. Mila miomana sahady indray ny faritra Sava sy Analanjirofo. Io no fanamarihan'ny sampana mpamantatra ny toetry ny andro omaly. Ankoatra an'izay dia mbola hitohy hatramin'ny anio zoma 28 janoary ny rotsak'orana amin'ny faritra maro eto Madagasikara ary mety mbola harahin'ny havandra hatrany izany indraindray. Mihamaina kosa ny andro ny sabotsy sy alahady ho avy izao. *"Tamin'ny 9 ora maraina omaly dia tany amin'ny 157Km andrefana somary avaratra andrefan'i Morondava no nisy ny foiben'i Cheneso. 120 Km/ora ny rivotra miaraka aminy ary arahina tafiotra manodidina ny 165 Km/ora manakaiky ny foibeny"*, hoy ny tomponandraikitry ny Météo.

**Tsy ahiana ny hiverenany**

Manomboka mikisaka miadana mianatsimo andrefana izy ka mahafaka 7 Km/ora. Tsy ahiana ny hiverenany an-tanety fa kosa hivoatra any amin'ny maherin'ny 100Km miala ny morontsiraka izy ato anatin'ny 2 andro manaraka. Noho izany dia mety ho voakasiky ny tafiotra manodidina ny 50 hatramin'ny 80 Km/ora ireo distrika amin'ny morontsirak'i Menabe sy Atsimo andrefana omaly alakamisy. Noho izany dia mbola mitoetra ny filazana loza manambana miloko mavo ho an'ireto distrika manaraka ireto : Belon'i Tsiribihina, Morondava, Manja, Morombe ary Toliara I-II. Mbola hitohy ny rotsakorana (40 ka hatramin'ny 80 mm/24 ora) hatramin'ny rahampitso any Melaky, Menabe, Boeny, Atsimo Atsinanana, Analalava sy Antsohihy. Noho izany dia manakery hatrany ny fampitandremana amin'ny fahabetsahan'ny rotsakorana. Entanina ny mpampiasa ranomasina amin'ny morontsiraka avaratra andrefana, andrefana, atsimo andrefana, atsimo ary eo anelanelan'i Farafangana sy Taolagnaro mba tsy hiandriaka, satria mbola hikorontana ny toetry ny andro.

**Heriniaina A.**

Antananarivo

# Mila mailo ny rehetra amin'ny fiakaran'ny rano

Nanentana ny amin'ny tokony hahamailo ny amin' ny mety ho fiakaran'ny renirano'i Betsiboka ihany koa omaly alakamisy tamin' ny 9 ora maraina ny Météo. Ny haavon'ny rano eo amin'ny reniranon'i Betsiboka (tetezana RN4) afakomaly 25 janoary 2023 tamin'ny 8 ora 30mn maraina dia 4,20m. Omaly tamin'ny 8 ora 30mn maraina izany dia nijotso ka lasa 3,00 m. Raha ny haavon'ny rano eo amin'ny reniranon'i Kamoro (tetezana RN4) kosa afakomaly 25 janoary 2023 tamin'ny 08 ora 30 mn maraina dia 0,54 m; omaly tamin'ny 08 ora 30mn maraina izany dia niakatra ho 0,57 m. Noho izany dia mbola voatazona hatrany ny filazana miloko mena na filazana loza mihatra amin'ny fiakaran'ny rano amin'ireto toerana manamorona ny reniranon'i Betsi-boka manaraka ireto: Ambatoboeny, Marovoay, Madirovalo ary Marolaona.

**Heriniaina A.**

Minisiteran'ny mponina - Taorian'ny Cheneso

# Nomena vary sy bodofotsy ireo tokantrano tena marefo

Nomen'ny Minisiteran'ny mponina sy ny fiahiana sosialy ary ny fampiroboroboana ny vehivavy vary sy bodofotsy niampy lay misy ody moka ireo tokantrano tena marefo ara-pivelomana taorian'ny nandalovan'ny rivodoza Cheneso, tany amin'ny kaominina ambanivohitra Farahalana, any Sambava, ny alarobia t eo. Nialoha an'izao fizarana ny fanomezana ho an' ireo tokantrano tena marefo ara-pivelomana izao dia nisy aloha ny fitsirihana ireo voina sy takaitra navelan'ny rivodoza Cheneso. Isan'ny nitarika ny delegasiona nisolo tena ny fitondram-panjakana tamin'izao hetsika izao ny filoha lefitry ny Antenimieram-pirenena sady solombavambahoaka, Jocelyne Maxime, sy ny prefet-n'i Sambava. Nisolo tena ny minisitry ny mponina kosa ny talem-paritry ny Minisitera any SAVA. Ny minisitra Soafilira Princia moa dia manamafy hatrany fa miray fo tanteraka amin'ireo Malagasy traboina amin'izao fotoan-tsarotra izao.

Ankoatra an'izay, vao andro vitsy lasa ihany koa izay dia olona 20 feno 18 taona ampivahinianan'ny Minisiteran'ny Mponina ao amin'ny ivontoerana MADCAP sy SEBA Isotry no nahazo ny sorapiterahana sy ny karapanondrom-pirenena ihany koa.

**Heriniaina A.**

"Entreprise de l'année" - Sokajy RSE

# Nibata ny laharana voalohany ny STAR

Noporofoin'ny STAR tamin' ilay hetsika fanao isantaona antsoina hoe "Entreprise de l'année" fa mbola izy ireo aloha hatreto no mibata ny laharana voalohany amin'ny sokajy RSE. Notanterahina ny alarobia hariva tetsy Antaninarenina ny fanolorana ny amboara ho an'ireo orinasa mendrika indrindra. Nisy araka izany ny mpitsara notarihin'ny avy ao amin'ny FTHM, namaritra ireo orinasa nandray anjara amin'ny sokajy dimy mazava tsara : ny fitantanam-bola, ny fitantanana ny mpiasa, ny varotra, ny fanaovana asa sosialy na RSE, ary ny fanavaozana. Tao anatin'izay no nivoahan'ny STAR ho orinasa mendrika indrindra teo amin'ny fanaovana ny asa sosialy. Ny orinasa rehetra dia samy manana ny politika RSE fa ho an'ny STAR mifototra amin'ny tetika sy drafitra miompana amin' ny fifandraisana maharitra amin'ireo mpisitraka ny azy, izany hoe orinasa tomponandraikitra izy. Nitondra ny anjara birikiny hatrany ny STAR amin'ny alalan'ny hetsika sosialy mangarahara, izay mizara roa mazava tsara ho an'ny tontolo iainana sy ho an'ny mpiara-monina. Misy ny tetibola 1 miliara ariary isantaona hanatanterahana hetsika sy fanampiana samihafa hositrahan'ny mpiaramonina. "Hotohizana sy hohamafisin'ny STAR ireo hetsika ara-tsosialy mandritra ity taona 2023 ity", hoy i Seheno Randriambolamanana, talen' ny serasera eo anivon'ny STAR.

**Nath**

Fadintseranana

# Tafakatra 102 isanjato ny tahan'ny fampidiran-ketra



**Nitarika ny fitsidihana ireo tranoeva nanaovana fampirantiana niaraka tamin'ireo manampahefana ny minisitra sy ny tale jeneraly.**

Nioty vokatra tsara ny fadintseranana malagasy. *"Nahatratra 102 isanjato ny tahan'ny fampidiran-ketra nandritra ny taona 2022. Raha noharina tamin'ny taona 2021 dia nahitana fiakarana 32 isanjato. Ho an'ny taona 2023, dia 4 247 miliara Ariary ny tanjon'ny fampidiran-ketra voafaritra ao anatin'ny lalànan'ny fitantanambolampanjakana. "*, hoy Zafivanona Ernest Lainkana, tale jeneralin'ny fadintseranana malagasy. Nomarihina omaly, tany Antsirabe ny andro maneran-tany ho an'ny fadintseranana. Nomena lanja manokana ny anjara toeran'ny fadintseranana eo amin'ny fampandrosoana ny toekarena, dia ny fampidiram-bola anatin'ny kitapombolam-panjakana, ny fanamorana ny fifanakalozana ara-barotra, ary ny fiarovana ny sisin-tany. Taorian'ny firosoana tamin'ny asa fanavaozana teo anivon'ity sampandraharaha ity, izay natomboka tamin'ny taona 2019, dia nambaran'ny tale jeneraly fa manomboka amin'ity taona ity no hiotazana ireo vokatry ny asa notanterahiana amin'ny alalan'ireo tetikasa 31 napetraka. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana "Brigade canine", izay nanampy tamin'ny fahatratrana ilay volamena nafangaro tamin'ny tsiranoka simika teny Ivato ary mbola hisy ny fitokanana ny borigady any Nosy Be amin'ny faran'ny volana martsa ho avy izao sy ny any Toamasina sy Mahajanga. Hotokanana amin'ny faran'ny volana febroary koa ny tetikasa "100 % scanning", hoentina manafaingana sy miantoka ny fanaraha-maso ireo entana miditra sy mivoaka. Nisy ny famelabelaran-kevitra niarahana tamin'ireo mpianatry ny oniversite tao Antsirabe, izay notarihin'ny tale jeneraly niaraka tamin'ireo mpahay toekarena sy mpandraharaha nasaina. Tonga nanokatra ny lanonana tamin'ny fomba ofisialy ny minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanambola.

**R. Muray**

Oniversiten'i Toamasina

# Mpianatra 2 000 hahazo ny anjara trano fonenany

Mpianatra 2000 amin'ny 2600 nanao fangatahana hahazo ny trano any amin'ny oniversiten'i Toamasina no hiditra amin'ny trano fonenany manomboka amin'ny 1 hatramin'ny 3 febroary 2023 ho avy izao.*"Na eo aza io fampidirana ny mpianatra amin'ny trano, izay zony, io dia mbola misy ny fepetra amin'izay hahazo ny trano alohan'ny hipetrahana ao. Tamin'ny faran'ny taona 2022 teo dia nanapa-kevitra ny eo anivon'ny oniversiten'i Toamasina fa mba hisian'ny filaminana maharitra no antony nampialana kely an'ireo mpianatra nonina tao Barikadimy. Amin'izy ireo dia efa maro no efa tsy mpianatra intsony nefa mbola nipetraka tao. Ezahina ny mba hamerenana tsikelikely ny fitantanana ny trano ao amin'ny servisy momba ny trano fonenana sy ny tale misahana izany ao amin'ny oniversite"*, hoy ny tomponandraikitra iray ao amin'ny Oniversiten'i Barikadimy. Nomarihin'ny tomponandraikitra fa efa nisy ny fanatsarana sy fikojakojana ireo tranon'ny mpianatra talohan'izao hizarana azy izao indray.

**Heriniaina A.**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-18)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-18)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-18)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-20)

* Cours d'Anglais parlé et écrit à domicile ou particulier. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 449/5-5)

### FAMPIANARANA

* Fianarana kabary Anjanahary Ambohimahitsy Ampandrianomby. Tél : 034.07.526.31. (G-BA 451/6-5)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-10)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-3)

Mandrosoa Ivato

# Olona 5 niakatra fampanoavana, namono vahiny metisy

Nivoatra ny raharaha vono olona tamin'ny fomba feno habibiana niseho tao amin' ny tokantrano iray tetsy Mandrosoa Ivato, ny sabotsy 14 janoary lasa teo. Olona 5 no voarohirohy niakatra fampanoavana, omaly. Ny roa tamin'ireo dia voalaza fa nandray anjara mivantana. Mbola misy kosa ny karohina. Nosamborin'ny zandary avy ao amin'ny borigady Ambohidratrimo sy Talatamaty ireto olon-dratsy ireto. Ny roa lahy dia namono nahafaty io olona io ary ahiana ho nanampy na nanamora ny asa ratsy ilay mpikarakara lakozia tao antrano, hoy ny loharanombaovao. Ankoatra ireo dia nisy lolona 3 hafa ihany koa niharan'ny fisamborana tany Antsirabe. Rehefa narahina ny finday nampiasain'ilay olona anankiray izay mbola karohina dia hita fa tany amin'ireto farany. Nandritra ny fidinana ifotony nataon' ny zandary tany an-toerana dia nahatrarana vola maherin'ny 2 tapitrisa ariary sy antsy "poignard" tamin'ireo olon-dratsy ireo, araka ny angom-baovao ihany.

**Nifatotra tady**

Raha hiverenena ny tranga dia novonoina tamin'ny fomba feno habibiana tao an-tranony ny lehilahy iray metisy "franco-allemand" antsoina hoe Razafintsambaina Hans Peter Andrianome (60 taona), monina etsy Mandrosoa Ivato. Hita tao anaty efitranony ny vatana mangatsiakany. Nihohoka ny razana ary natambatr'ireo olon-dratsy ny tanany sy ny tongony sady nifatotra. Ny lohany norakofan'ireo tamin'ny lamba sy ondana ary nifatotra tady ihany koa.

**Ariel D.**

Betioky atsimo

# Olona 3 nanasa lamba lasan'ny rano, roa efa hita faty, ny iray mbola karohina

Loza no niseho tany amin' ny reniranon'i Onilahy, tany amin'ny kaominina Belamoty, any anatin'ny distrikan'i Betioky atsimo, afakomaly. Olona telo mpianakavy nanasa lamba no lasan'ny rano tamin'io fotoana io ka ny roa efa hita faty fa ny iray ambiny kosa tsy hita popoka ary mbola karohina. Araka ny fanazavana, tsy naninona mihitsy izy ireo tamin'ny fotoana nahatongavany voalohany teo fa rehefa akaiky ho vita ilay sasa lamba, tokony ho tamin'ny 3 ora tolakandro no nilentika tampoka tany anaty rano ny iray. Teo anatrehan'izany, nikoropaka namonjy azy ny olona niaraka taminy teo. Ilay iray aloha no niezaka nisintona azy saingy tsy tafavoaka velona ihany koa ilay io fa dia lasan'ny rano nanaraka aza tany. Dia toy izany ihany koa ilay olona fanintelony nanavotra ireo roa efa nalentiky ny rano, saingy tany ihany koa dia tsy nipoitra intsony izy. Nanao izay ho afany tamin'ny fikarohana ireo olona lasan' ny rano ireo ny fokonolona tany an-toerana. Efa nampandrenesana ny zavaniseho ihany koa ny mpitandro filaminana sy ny tomponandraikitra ka samy nifanome tanana nandray ny andraikiny avy ka dia ireo hita faty ireo ny roa tamin'ireo lasan'ny rano fa ny iray ambiny sisa karohina. Nanentana ireo vahoaka ny tomponandraikitra any an-toerana mba samy hitandrina sy tsy hampiasa iny renirano iny aloha. Miakatra rahateo ny rano ary lalina amin'izao.

**T.H**

Amboasary atsimo

# Mpirahalahy iray tampo lavon'ny balan'ny jiolahy

Vonjy aina ny tao amin'ny fokontany Tanambe ambany, kaominina sy distrikan'i Amboasary atsimo, omaly alina tokony tamin'ny misasak'alina. Mpirahalahy no notafihin'ny olon-dratsy tao an-tranony. Naratra mafy ireo ka novonjena haingana, nentina tamin'ny "Ambulance" kanjo tsy avotra ny ainy. Lavon'ny bala ireo mpirahalahy ireo, izay fantatra fa manao asa fivelomana mivaro-kena ao amin' ity kaominina ity. Jiolahy 5 no niditra an-keriny tao aminy. Nikasa handroba ireo ary namono nahafaty rehefa tsy nahazo na inona inona. Nitodra basimborona sy antsy ireo olondratsy. Taorian'ny fanafihana dia nandositra ry zalahy ary mbola tsy nisy tratra hatreto. Raim-pianakaviana antsoina hoe Mahavatse (55 taona) sady tompon'ny trano niharan'ny fanafihana ilay namoy ny ainy sy ny zandriny antsoina hoe Mandigny (52 taona). Norahonana izy ireo hamoaka ny vola sady nodarohin'ireo jiolahy ihany koa fa tsy nety naneho ny toeram-bola mihitsy.

**Naneho ny alahelony**

Vokatr'io no anton'ny famoanoana, hoy ny loharanombaovao. Noezahina nentina hotsaboina tany Ambovombe Androy ihany saingy tsy tana teny an-dalana ny ain'izy ireo, vokatry ny ratra nahazo azy ireo. Tonga nanao ny fanenjehana ny zandary sy ny fokonolona. Hatreto dia tsy mbola nahitam-bokany izany. Mitohy kosa ny fanadihadiana. Manoloana ity raharaha ity dia naneho ny alahelony, nitaraina ny solombavambahoaka voafidy tao antoerana. *Miangavy, mba jereo akaiky ity resaka tsy fandriam-pahalemana eto amin'ny kaominina Amboasary ity fa tena tsy rariny intsony. Efa maro izay fitarainana nataoko sy ny vahoaka ato amin'ny distrika izay fa mba jereo akaiky azafady fa tena tsy rariny intsony izao* », hoy ny depiote Angele Solange.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

**# Vehivavy iray 31 taona tratra nivarotra rongony** no voasambotry ny polisy teny Ambanidia, omaly. Mbola nahitana rongony 15 fonosana sy rongony rarany iray fonosana teny aminy nandritra ny fisavana azy.

**# Enin-dahy no voasambotry ny polisy** afakomaly noho ny resaka fitsindronana sy fivarotana zava-mahadomelina mahery vaika. Mbola nahatrarana héroïne milanja1,94g tao amin'ny trano fonenany nandritra ny fisamborana. Irakiraka ny iray amin'izy roa lahy ary mpamongady kosa ilay lehilahy iray hafa. Efa nigadra ny iray tamin'izy ireo noho ny resaka fihinanana héroïne. Vao nivoaka ny fonja vao roa volana lasa izay.

**T.H**

## Izy no izy

Rantenaina Falson Jocelyn

# Tanora be fikirizana sy mafana fo amin'ny tolona

Raim-pianakaviana, 32 taona, manambady ary mananjanaka telo mirahavavy. Sady mpandraharaha no mpanao politika. Tale jeneralin'ny orinasa RAMANANDRAIBE II, filohan'ny antoko politika VMF (Vondron'olona Miaro ny fitondrana ankehitriny) sy ny fikambanana TMM (Tanora Mijoro ho an'i Madagasikara), ary mbola tomponandraikitry ny serasera amin'ny fikambanan'ny zanaky ny faritra maro. *"Notezaina tamin'ny tontolo politika ny tenako, nanomboka tao an-tokantrano izany amin'ny maha zanaka miaramila ahy. Nanana havana mpanao politika lehibe teo amin'ny firenena, ka lasa tia politika. Tamin'ny taona 2006, fony mbola mpianatry ny lisea, dia anisan'ny mpitarika tanora nafana fo tao anatin'ny antokon'ny kandida nilatsaka ho filoham-pirenena iray. Nampanantena io kandida io fa hitondra ahy hianatra aty Antananarivo raha lany soamantsara. Tsy notanterahiny anefa ny fampanantenany, ka lasa nahakivy sy nandiso fanantenana ahy ary nanosika ahy nandray anjara tamin'ny fanonganana azy tamin'ny taona 2009, ary saika namoizako ny aiko nandritra ny fifampitifirana teny Ambohitsirohotra. Tafiditra ho mpanolotsaina ny filohan'ny Antenimierampirenena tamin'ny taona 2014 ary mbola mpanolotsaina ny filohan'ny Antenimierandoholona tamin'ny taona 2017. Tafiditra ho mpanolotsaina tao amin'ny faritra Analamanga tamin'ny 2015. Niasa teo anivon'ny minisiteran'ny atitany tamin'ny taona 2016. Nanohana ny fitondrana ankehitriny ny TMM tamin'ny taona 2017, saingy fikambanana hafa no nahazo avarapatana. Tsy ny seza no olana amiko fa ny tolona nataoko no tiako nasiana lanjany sy vidiny ary nadraisako valiny."*, hoy Rantenaina Falson Jocelyn, nitantara ny tolona nataony.

**Tsy nahakivy**

Tsy nahakivy azy anefa izany rehetra izany fa vao mainka nanosika azy nanangana ny VMF. Avo dia avo ny vina napetrany, satria mikatsaka ny ho tonga Filoham-pirenena afaka 18 taona, ka ny firotsahana ho ben'ny tanana ao Farafangana no hanombohany izany amin'ny fifidianana ho avy izao. Hirotsaka ho solombavambahoaka sy hanao minisitra aorin'izany mialoha ny hahatongavany amin'ny tena tanjony. Nanambara ny tenany fa rehefa tsy afaka milatsaka amin'ny anaran'ny fitondrana ankehitriny ny tenany dia handeha amin'ny anaran'ny VMF ary vonona sy tsy matahotra ny hifaninana amin'ny kandidan'ny fitondrana.

**Muray**

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 15 906 - 01 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Rambon'omby sy tsaramaso**

Zavatra ilaina : rambon'omby izay ilaina, tongolo gasy sy tongolo oignon, sakamalao, epice isankarazany, tsaramaso fotsy

Fikarakarana azy : karakaraina tsara aloha ny rambon'omby : sasana atao madio tsara, tetehina... Karakaraina ihany koa ny tongolo sy ny sakamalao sy ny tongolo gasy. Hafangaro amin'ilay rambon'omby rehefa avy nasiana an'ireo anitra isan-karazany.

## Manal azy de mimeme




## Sarisary zary tenany

Sanjila




## Hatsikana an-tsary

Malina




## Masoandro Miposaka

### Asa 17 : 22

22 Ary Paoly nitsangana teo afovoan'i Areopago ka nanao hoe: Ry lehilahy Ateniana, hitako fa amin'ny zavatra rehetra dia fatra-pivavaka amin'ny andriamanitrareo indrindra ianareo.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**"Ahoana izany ?" Hoy Ramarenina, kanjo tsy nandre izy.**

"Qu'en dites-vous ?" dit le sourd, et pourtant il n'a rien entendu.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2866

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | 6 | | 5 |
| | 2 | | | | | | | |
| 5 | | | 2 | | | 3 | | 1 |
| | | | | 7 | | | | 2 |
| | 5 | 2 | | 4 | | | 8 | |
| | 3 | 8 | | 6 | | | | |
| | 1 | | | 8 | 4 | | | |
| | | | | | | 8 | 4 | 6 |
| | | 7 | | | | | | |

Valin'ny laharana 2865

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 1 | 6 | 3 | 7 | 5 | 9 | 2 | 4 |
| 4 | 7 | 2 | 6 | 9 | 8 | 3 | 1 | 5 |
| 9 | 5 | 3 | 2 | 1 | 4 | 7 | 6 | 8 |
| 3 | 8 | 4 | 5 | 6 | 1 | 2 | 7 | 9 |
| 1 | 2 | 9 | 7 | 4 | 3 | 5 | 8 | 6 |
| 5 | 6 | 7 | 9 | 8 | 2 | 4 | 3 | 1 |
| 7 | 9 | 5 | 1 | 2 | 6 | 8 | 4 | 3 |
| 6 | 3 | 8 | 4 | 5 | 7 | 1 | 9 | 2 |
| 2 | 4 | 1 | 8 | 3 | 9 | 6 | 5 | 7 |

Toe-draharaham-pirenena

# Takon'ny resaka politika sy fifidianana ny fahasahiranam-bahoaka

*Volana maromaro alohan'ny fifidianana no itrangan'izany.*

Afantoka amin'ny hazakazaka handrombahana ny seza eny Iavoloha ny maso sy ny sain'ny Malagasy amin'izao fotoana izao. Raha tsorina, takon'ny resaka pôlitika sy fifidianana ny fahasahiranam-bahoaka. Tsy misy afa-tsy ireo ary mihodinkodina amin'ireo ny resaka mandeha etsy sy eroa. Toy ny hoe "tsy hisy ny fifidianana!", "tsy maintsy hisy ny fifidianana!", "ahiana hisy ny halabato !", sns… Eny fa na dia ny fiangonana sy ny mpitondra fivavahana koa aza tafaroboka -na alaim-panahy- amin'izany! Ohatra ny hoe tsy misy raharaha na olana mitranga eto amin'ny firenena afa-tsy pôlitika sy fifidianana! Volana maromaro alohan'ny fifidianana no itrangan'izany. Etsy an-danin'izay anefa, ny vidin'entana ilaina andavanandro tsy mitsahatra miakatra daholo, ny rano miakatra, ny rivodoza manomboka misesy, ny traboina miha-mitombo any amin'ny faritra…Ny fahantrana moa tsy tenenina intsony satria efa lasa mahazatra, eo koa ny sandam-bola malagasy tsy mitsaha-mitotongana. Takona avokoa ireo, zara fa hita sy voajery, mba tsy hilazana hoe odian-tsy hita. Ny resaka pôlitika sy fifidianana kosa no tena mahazo laka sy andaniana fotoana be any anivon'ireo sehatra sy adihevitra mandeha etsy sy eroa. Raha ny zavatra fahita teto amin'ny firenena hatramin'izay anefa, saika ny fihazakazahana hahazo seza fotsiny no nahamay hatrany ny mpanao pôlitika fa tsy nahavaha olana akory ary hadinony ny vahoaka rehefa azony ny sezany. Toe-javatra, izay efa nandiso fanantenana hatrany ny Malagasy ka nahatonga azy ho "leo pôlitika"!

L.R.

Hetsika tarihin'i Voninahitsy Jean Eugène

# "Feno ny fepetra irosoana amin'ny fidinana an-dalambe, saingy…"

Miha mafana ny toe-draharaha politika amin'izao herintaona latsaka tsy hirosoana amin'ny fifidianana filoham-pirenena izao. Omaly dia nandrahona ny hidina an-dalambe ireo mpanao politika mivondrona eo anivon' ny vovonana C LERA tarihan'ny depiote Voninahitsy Jean Eugene raha nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety teny amin' ny Espace Mahatehotia Iavoloha. Mahatsapa ireo mpikambana ao anatin' izany fa mandohalika ny firenena ary latsaka anaty lavaky ny fahantrana ny Malagasy ka tsy azo ekena intsony izany. Na izany na tsy izany, mieritreritra io vovonan'ny mpanohitra vao nitsangana io fa tsy fotoan' ny korontana intsony izao ka vonona hiandry sy hiroso amin'ny fifidianana amin'ity taona ity izy ireo. Araka izany, mitaky ny hirosoana amin'ny fifampidinihana hametrahana fitsipidalao vaovao hampiharina amin'ny fifidianana ho avy eo ity vovonana politika ity. Mifanindan-dalana amin' izay, nanambara ny depiote Voninahitsy Jean Eugène fa antony nijoroan'ny vovona C LERA ny mba hirosoana amin'ny fifidianana amin'ity taona ity sy ny mba hisorohana ny hala-bato mety hitranga mandritra izany.

**Hala-bato**

Mikasika izay resaka fifidianana izay hatrany, nahitsy Ing. Voninahitsy Jean Eugene raha nilaza fa tsy azo ekena ny fanemorana ny fifidianana filoham-pirenena sy ny fampiasana ireo rafitra mpikarakara fifidianana toy ny CENI hanga-laram-bato. Marihina fa itovizan'ireo ao anaty vovonana C LERA ny tsy hane-kena intsony ny fanitsakitsahana ny lalàm-panorenana sy ny lalàna manan-kery, ny fitsabahan' ny mpanatanteraka amin'ny andraikitry ny mpanao lalàna, ny famoahana antsokosoko ny harem-pirenena, ny tsy fisian'ny mangarahara eo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana, ny fampahantrana ny Malagasy …

Mamy R.

Fanatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo

# Nahazo tohana 534 tapitrisa dôlara avy amin'ny BAD sy ny FIDA ny Filoha Rajoelina

Naharesy lahatra ! Nahomby ny dinika nataon'ny Filoha Andry Rajoelina tany Dakar tamin'ireo mpiara-miombona antoka ara-bola amintsika. Taorian'ny fihaonana nataony tamin'izy ireo afak'omaly hariva tany antoerana dia nanapa-kevitra ny Banky Afrikana momba ny Fampandrosoana, na ny BAD, fa hanome tohana ara-bola mitentina 334 tapitrisa dôlara ho an'i Madagasikara. Teo ihany koa ny Tahiry Iraisam-prenena ho an'ny Fampandrosoana ny eny Ambanivohitra, na FIDA, izay nanome 200 tapitrisa dôlara. Tafakatra 534 tapitrisa dôlara araka izany ny famatsiam-bola azo vokatry ny fifandresen-dahatra nataon' ny filoha nandritra ny diany tany Dakar. Izany dia ho fanatanterahana ireo asa hanatrarana ny fahavitantena ara-tsakafo efa nofaritan'ny firenentsika. Tafiditra ao anatin'izany ny fametrahana ny fifanarahampirenena momba ny sakafo sy ny fambolena, na ny antsoina hoe "Pacte National sur l'alimentation et l'agriculture".

**Naharesy lahatra**

Tanjon'ny fihaonana antampon'ireo mpitondra fanjakana afrikana notanterahina tany Dakar rahateo ny hanafoana ny fahantrana lalina sy ny tsy fanjariantsakafo hatramin'ny taona 2030. Hita taratra araka izany fa naharesy lahatra ireo mpiara-miombona antoka sy ny mpamatsy vola iraisam-pirenena ny finiavana nasehon'ny Filoha Andry Rajoelina ka nanamafisan'izy ireo izao fanohanana ny fanatanterahana ireo fandaharan'asan'ny Fitondram-panjakana izao. Anisan'izany ny fampitaovana toy ny zezika sy masomboly ho an'ireo tantsaha eny ifotony manerana ireo faritra maro eto Madagasikara, ny fanomezana tany (titre vert) hiasan' izy ireo, ny fametrahana ireo ozinina manodina ireo vokatra amin'ny alalan'ny fandaharan'asa ODOF. Ny Fitondram-panjakana ihany koa dia vonona hiara-kiasa amin'ny sehatra tsy miankina amin'ny fanatanterahana ireo tetikasa, izay mifanindran-dalana amin'ny vinan'ny Filoham-pirenena ny hamokarana eto antoerana izay rehetra ilain'ny vahoaka malagasy.

JUDD




**PRIERE MIRACULEUSE**

Doux cœur de Jésus, auparavant, je t'ai toujours demandé plusieurs faveurs. Cette fois-ci, je t'en demande UNE très spéciale (…) Prends-la doux cœur de Jésus et place-la dans ton cœur transpercé où ton Père la voit.
Ainsi sous ses yeux miséricordieux, elle deviendra ta faveur et non la mienne. Amen ! Dites cette prière 3 fois/jour et pendant 3 jours et votre prière sera exaucée miraculeusement.
N'oubliez pas de remercier Jésus avec promesse de publication.

Remerciements au doux cœur de Jésus pour faveur obtenue.

G-CL 408/1-1 27/01/23 R. Hanitra


## Marina izany !

### Entanina ho mailo!

**Mijojo tsy an-kijanona ny orana tato anatin'ny andro maromaro izao, tsy ahitana andro mihiratra. Rano eto ny resaka, sady mamono no mamelona. Samy mahatsapa ny maha zava-dehibe ny rano eo amin'ny fiainan'ny zanak'olombelona ny tsirairay, indrindra any amin'ireo faritra karakaina ka miady mafy vao mba mahita ny hosotroina. Iarahan'ny rehetra mahita sy miaina ihany koa anefa ny voka-dratsin'ny rano rehefa be loatra. Sady manimba zavatra no mety haningotra aina mihitsy. Antony isarihana ny sain'ny olom-pirenena rehetra ho mailo amin'izao fotoana izao. Izany hoe hitandrina amin'ny mety ho fiakaran'ny rano, amin'ny fivezivezena na eto an-drenivohitra manoloana ny lavaka eny amin'ny arabe na ny lakandrano tsy misarona. Toy izany koa ireo mivezivezy any amin'ny faritra sy faritany, manoloana ny lalana tapaka sy ny mety ho fihotsahan'ny tany, izay matetika mitera-doza. Ho mailo ihany koa ka hanara-maso ny trano fonenana sy ny manodidina azy, mba hahafahana misoroka mialoha ny mety ho faharavana na fihotsahana, vokatry ny fijojon'ny orana be loatra. Ankoatra izay, mbola anentanana ny olom-pirenena ho mailo ihany koa rehefa mijanona ny orana. Amin'iny fotoana iny mantsy, tsy vitsy ny olom-pirenena no mihevitra fa milamindamina amin'izay satria maina ny andro. Eo indrindra no anaovana antsoavo amin'ny rehetra mba ho mailo, indrindra rehefa migaingaina ny masoandro. Antony, fotoana mampitresaka ny rindrindra sy fihotsahan'ny tany ny fotoana toy ireny ka maro amin'ny fotodrafitrasa efa antitra no mihotsaka. Ireo efa miahiahy izany dia tokony hitady vahaolana dieny izao. Toy izany koa ireo mipetraka amin'ny toerana avo izay ahiana hitera-doza !**

Voahangy Rakotozafy

Tontosa hatrany ny hetsiky ny Vovonana C LERA

# Voatonontonona ho manao ramatahora sy niketrika fisamborana ny zandary

Tontosa teny amin'ny « Espace Mahatehotia », omaly ny fanambarana iombonan'ireo sokajin-kery mivondrona ao anatin'ny Vovonana Lera, ahitana solombavambahoaka, olomboafidy, mpitarika antoko pôlitika, mpanao pôlitika, tompon'andraiki-panjakana teo aloha, fiarahamonim-pirenena, olon-tsotra…Anisan'ireo lohandohan'ny mpisorona ao anatin'io vovonana io ny solombavambahoaka Voninahitsy Jean Eugène, Johasy Eléonore, Hanitra Razafimananatsoa, Rodin Rakotomanjato ary Fidèle Rarapiera. Mpitarika antoko politika ao anatiny kosa ny filoham-panjakana mpisolo toerana teo aloha Rivo Rakotovao, ny masoivohon'i Madagasikara teo aloha Paraina Auguste. Tsy anisan'ny teny an-toerana kosa ny minisitra teo aloha Vonison Andrianjato. Itsy farany izay araka ny fanazavan'ny depiote Hanitra Razafimanantsoa dia nifampitadiavan'ny mpitandro filaminana nitondra môtô sy fiara tsy mataho-dalana, ny alin'ny alarobia lasa teo ka voatery napetraka amin'ny toerana azo antoka. Tsy izy irery ihany fa voatonontonona ho nanao ramatahora ny mpanomana ny hetsika, notanterahina omaly io ny zandary. Nisy tamin'iretsy farany no voalaza fa nampihorohoro ny tompon'ny « Espace » ary azo sary. Ambonin'izay, notadiavina ny toerana misy ny trano fonenany, ankoatra ireo fampitahorana sy famoahana anarana sy sary nataon'ny kaonty fako, teny amin'ny tambajotra sôsialy.

V.R.


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

# Faritra Atsimo Andrefana, Anosy, Androy

Isan'ireo firenena iharan'ny vokadratsin'ny fiovaovan'ny toetrandro i Madagasikara. Araky ny tombana dia 90% amin'ny mponina any amin'ny faritra Androy, Anosy ary Atsimo Andrefana dia miaina anaty fahantrana lalina, izay vao maika niharatsy tato anatin'ny taona vitsivitsy noho ny fiovan'ny toetrandro sy ny haitany. Mba hanalefahana ny vokadratsin'ny fiovan'ny toetrandro sy ahafahana manala haingana ireo mponina amin'ny fahantrana lalina dia nankatoavina ny fametrahana ny fandaharan'asa fiahiana ara-tsosialy ho fiatrehana ireo loza sy tandindon-doza izay natao hanampiana ireo tokatrano marefo ka iatrehan'izy ireo ny haitany. Ny fandaharan'asa FIAVOTA sy TOSEKE VONJE AIGNE no nanatanterahana izany amin'ny alalan'ny fanomezana tosika ara-bola, fampiofanana sy tantsoroka ary fanohanana ara-tsakafo, indrindra ireo ankizy tratry ny tsy fanjarian-tsakafo.

## 21 022 ireo tokatrano misitraka ny tetikasa Haraton'aina amin'ny alalan'ny fandaharan'asa FIAVOTA sy Toseke Vonje Aigne

Tonga nitsidika ireo tokatrano marefo miisa 21 022 ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, Androy ary Anosy izay misitraka ny tohana ara-bola Toseke Vonje Aigne ny Minisitra SOAFILIRA Princia. Tohana ara-bola mitentina 100.000 Ariary isam-bolana no azon'ireo tokatrano mpisitraka entiny miatrika ny maitso ahitra sy ny haitany izay fotoana mahamafy be ny mosary any an-toerana. Haharitra enimbolana misesy no hisitrahan'izy ireo izany tohana izany.



Mihamafy isan-taona ny kere any atsimon'ny Nosy vokatry ny fiovan'ny toetrandro ka ho fitsinjovana ireo mponina misedra izany no antom-pisian'ny fandaharan'asa Toseke Vonje Aigne ao anatin'ny tetikasa Haraton'aina.

Ankoatry ny fanampiana amin'ny alalan'ny tohana ara-bola dia misy ihany koa ny tantsoroka omena ireo fianakaviana amin'ny fanofanana momba ny fahaiza-mitantana sy ny fampianarana ireo teknikam-piompiana sy fambolena, ny fampiatiana ara-toe-karena sy ny fanatsarana ny sahan'asa maro. Ny Toseke Vonje Aigne dia tafiditra ao anatin'ny sokajy hatao hoe tetikasa Haraton'aina ho fiahiana ny mpiarabelona, vokatry ny loza sy ny tandindon-doza.



Ny Minisiteran'ny Mponina sy ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampivoarana ny Vehivavy no mandrindra ny Toseke Vonje Aigne miaraka amin'ny BNGRC ka ny FID no manatanteraka izany eny ifotony. Ny Banky iraisam-pirenena kosa no manohana ara-bola.



**Serafine, renim-pianakaviana mananon-tena, manan-janaka enina, monina ao Beraketa**

Teo aloha dia tsy misy sakafo izahay rehefa tsy misy vokatra miakatra, maty avokoa ny fambolena. Nifindra tanàna mihitsy izahay, nijanona ny fianaran'ny ankizy satria noana tsy mahavita mianatra izy ireo. Roa kapoaka no vary atao sosoa teo aloha ampiarahana amin'ny katsaka. Manga no atao sakafo amin'ny atoandro. Rehefa nisy kosa ny FIAVOTA sy Toseke Vonje Aigne dia afaka niatrika ny fiainana izahay, afaka tsinjaraina ho amin'ny sakafo, ny tahiry, ny fitsaboana raha misy tsy fahasalamana, ividianana fitaovan'ny mpianatra ny tohana azonay. Niarina ny fiainanay.

Niditra ao anatin'ny fikambanana VOAMAMI aho hahazoako ny tantsoroka maro indrindra ireo fiofanana momba ny fitantanana sy ny resaka fambolena sy fiompiana. Efa nahavidy ondry sy osy izay efa nanaranaka izahay. Ireo no amidy avy eo ho an'ny filanay mianakavy.

MPPSPF MINISTERE DE LA POPULATION, DE LA PROTECTION SOCIALE ET DE LA PROMOTION DE LA FEMME
FID FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT MADAGASCAR
LA BANQUE MONDIALE BIRD • IDA | GROUPE DE LA BANQUE MONDIALE
GCL 410/1-1